


# ALAHADY FAHA 34 MANDAVANTAONA – B

## Fankalazana an'i KRISTY MPANJAKA



**« Dia hoy i Pilaty taminy: Koa Mpanjaka izany Ianao ? Ary novalian'i Jesoa hoe : Efa voalazanao : Mpanjaka Aho » (Jo. 18: 37)**

Ry Kristianina havana, anio no Alahady mamarana ny taona litorjika ka asain'ny Eglizy isika androany hibanjina ny faran'izao rehetra izao sady volana novambra izay volana hibanjinantsika ny fiainan-ko avy. Tsarovy fa nanantitrantitra isika tamin'ny Alahady lasa teo fa mbola hiverina amin'ny fomba manetriketrika I Kristy. Izao alahady faha-34 izao tokoa no famaranana ny taona litorjika ka

ankalazantsika an'i Kristy Mpanjakan'izao rehetra izao. Fombantsika ny mifampiarahaba rehefa mifarana ny taona ka isika Kristianina katolika dia androany no mamarana ny taona litorjika, niaraka namakivavky ny taona B iny isika nandinika ny maha Kristianina antsika, nandinika ny maha Kristy mpiara-belona antsika eo amin'ireo manodidina antsika ka mahatonga antsika ho mpanorina ny Eglizy

Vakiteny I : Dan. 7, 13-14

Tononkira : Salamo 92

Vakiteny II : Apok. 1, 5-8

Evanjely : Jo. 18, 33b-37

Olona Velona sy ny Eglizy Tranon'Andriamanitra. Nodinihintsika ireo fiainan'i Kristy arakaraky ny vanim-potoana nolalovantsika : ny vanim-potoana manokana sy ny vanim-potoana tsotra mandavantaona. Nanampy antsika ireny amin'ny fiainana maha-Kristiainina ka hahaizantsika mampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka faly isika mianakavy, faly isika oloaraiky

mifampiarahaba fa nahavita namakivaky an'iny taona iny sady mahatsiaro ireo efa nialoha làlana antsika. Noho ny finoana dia miombona amin'izy ireo ao amin'i Kristy mpanjakan'izao tontolo izao isika.

Milaza miara-mahita isika fa tena navesatra iny taona iny noho ity Korontanavirus iny. Maro ireo akaikintsika naniry hahita izao famaranana ny taona litorjika izao nefa resy, lavo. Tsy vitan'izany araka ny voalazantsika matetika, fa tsy krizy ara-pahasalama ity krizy atrehintsika ity fa krizy maro lafy ka tena mikiky. Na eo aza izany ady mafy izany dia tsy afenina fa miara-dalana amintsika Andriamanitra ary izany no maha-hafa antsika manana an'I Kristy tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Tsy inona tokoa fa noho ny Fahasoavan'Andriamanitra dia nampirisika antsika hiroso amin'ny lalindalina ny fankalazana ny Jobily teny Joffre-Ville sy ny fanombohan'ny Sinaody. Araka ny hafatry ny Papa : "tsy Andriamanitra no matory, tsy I Jesoa no matory fa ny finoantsika no matory... Fohazy àry ny finoana". Izay indrindra no ataontsika amin'izao Sinaody izao. Raha mifoha tokoa ny finoana dia midika izany fa I Kristy no manjaka amin'ny fiainantsika. Tsy mandeha irery isika fa "miara-dalana" izany no atao hoe Sinaody. Miara-dalana isika velomin'ny Batemy ka zary Tabernakla velona...

Miarahaba antsika rehetra ary faly miarahaba ireo teknisiana amin'ny Radio Faniry izay nahafahantsika mifandray. Misaotra an'Andriamanitra isika fa samy nahavita an'izany taona izany ka mirary soa mba hiroso lalindalina kokoa amin'ity taona hodiavintsika ity araka ny voalazantsika teo .. Manomboka ny taona litorjika manaraka isika izao. Efa miditra amin'ny vanim-potoana fiaviana isika manomboka ny Alahady ho avy ka manomboka mamakivaky ny taona D.

Amin'izao fety hankalazana ny fetin'i Kristy mpanjaka izao no andron'ny Hasimpinoana eto amintsika izay fomba entintsika hanambarana ny finoantsika. Izay tia mahafofy ka hahafy isika. Azo lazaina dia sarotra ny taona hanehoantsika saingy efa mifoha ny finoana.

Inona no tsara asongandina amin'izao fetin'I Kristy mpanjaka izao ?

Mampahatsiaro ny anjara toeran'ny finoana eo amin'ny fiainantsika, eo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina sy ho an'ireo izay maniry te-handray andraikitra bebe kokoa amin'ny fiaraha-monina. I Kristy mpanjaka ary henontsika tamin'ny evanjely teo ny fanontanian'I Pilaty tamin'i Jesoa hoe mpanjaka ve ianao ? Voalazanao hoy i Kristy namaly azy.

Tsy mpanjaka mamefy tany na faritra. Tsy Mpanjaka mamoritra, manjanaka fa mpanjakan'izao rehetra izao i Jesoa Kristy, ny tany aman-danitra satria izy no Kristy nahary an'izao rehetra izao, mpanjaka tokoa izy nefa tsy araky ny fiheverantsika olombelona izany maha mpanjaka azy izany.

Ny mpanjaka amintsika araka ny fiheverantsika azy matetika dia mpanjaka mamoritra, mandidy, mampiasa hery. Mpanjaka i Kristy mandidy an'izao rehetra izao fa tsy amin'ny alalan'ny herisetra fa amin'ny alalan'ny fitiavana, fahamarinana, amin'ny alalan'ny fanasoavana, amin'ny alalan'ny fanompoana, amin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, izany no maha mpanjaka azy. Tena feno voninahitra izy ary ao aminy ny fahefana rehetra nefa tsy ho entiny mamoritra fa fahefana ho entiny mamindra, fo, mampiseho fa amin'ny alalan'ny fitiavana no fanehoana ny tena fahefana, indrindra ny famelan-keloka sy famindram-po no nanehoany fa manana fahefana tokoa izy.

Ny vakiteny voalohany, ny bokin'i Daniely mpaminany nanambara sahady ny momba ny zanak'olona dia i Jesoa, momba ny fahefana nomen'ny Ray azy izay tanteraka tokoa ao amin'ny Evanjely : *“Nijery tamin'ny fahitana amin'ny alina aho, ka indro nisy toy ny Zanak'olona tamy, teny ambonin'ny rahon'ny lanitra; nandroso Izy nankeo amin'ilay Anti-dahy, ka nentina ho eo anatrehany; dia nomena Azy ny fahefana sy ny voninahitra, amam-panjakana, ary nanompo Azy avokoa ny vahoaka amam-pirenena sy ny samihafa fiteny rehetra. Fahefana mandrakizay tsy manam-pahataperana ny fahefany, ary tsy ho levona na oviana na oviana ny Fanjakany.”*Izany tokoa i Jesoa ary dia tanteraka izany.

Tamin'ny Alahady lasa teo dia mbola nantitranterintsika fa i Jesoa dia tena mpanjaka tokoa, mpanjakan'izao rehetra izao ary mandidy an'izao rehetra izao kanefa nambarany koa tamin'i Pilaty fa tsy anisan'izao tontolo izao ny fanjakany, izany hoe tsy arakaraky ny eritreritr'izao tontolo izao ny fahefany.

Ny vakiteny faharoa mbola manamafy fa manam-pahefana tokoa i Jesoa sady feno voninahitra araky ny voalaza amin'ny bokin'ny fanambarana :” Be voninahitra sy manampahefana i Kristy”. Mpanjaka tokoa i Kristy fa mpanjaka mpanompo sy feno fitiavana; izany no fampianarana fototra ho antsika eto am-pamaranana ny taona. Izany no mamintina ny zavatra rehetra nandritra ny taona litorjika nandalovantsika ka isaorantsika an'Andriamanitra sy isaorantsika ny Fanahy Masina nanilo antsika. Fitiavana, fanompoana no fiainana maha Kristianina sy maha mpanjaka an'i Kristy ka isika izay miombona aina amin'i Kristy dia mpanjaka mpanompo koa eo anivon'izao tontolo izao. Ny fanjakan'i Jesoa izany dia fanjakan'ny fitiavana. Ny hazo fijaliana no mampibaribary ny fitiavan'i Kristy, io no famonjena ho antsika sy fahefan'i Kristy, ny hazo fijaliana no nandreseny ny ratsy ka izany ny lalana handresentsika ny ratsy rehetra. Aoka isika hametraka ny hazo fijaliana ao an-tranontsika hanambarantsika fa i Kristy tokoa no manjaka ao amin'ny tokantranontsika sy mitoetra ao am-pontsika. Aoka hanjaka ao am-pontsika i Kristy. Aoka isika haka tahaka azy hahafoy amin'ny hafa ary hanasoa ny hafa mandrakariva eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Md Paoly izay nohamafisin'i Papa Benoît faha 16 tamin'ny encyclique nosoratany dia mampahatsiahy antsika ny fifandraisana lalina eo amin'ny fitiavana sy ny fahamarinana. Tsy misaraka izany ny fahafoizana izay fototra ny fitiavana sy ny fampanjakana ny fahamarinana. Izay tia mahafofy, izay mahafofy manambara ny marina, izay marina no Hendry, ny marina no maha olon'afaka ka noho izany tsy misy zavatra mamatotra azy intsony. Ny fanjakan'i Kristy dia fanjakan'ny fitiavana, fanjakan'ny fahamarinana, fanjakan'ny rariny sy ny hitsiny.

Ry Jesoa Tompo ô tsy mpanjaka araky ny fomban'olombelona ianao nefa tena mpanjaka tokoa satria nandresy ny ratsy amin'ny alalan'ny fanaovana ny soa ka ampio izahay hampanjaka ny marina, ny fitiavana, ny rariny sy ny hitsiny. Enga anie izahay ho tena mpanompo tokoa hikatsaka ny soa iombonana amin'izay dia tena taranaka mpanorina tokoa izahay, mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona ka hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka zary Kristy mpiara-belona eo amin'ny manodidina. Hizara ny famindram-ponao izay loharano sy fototry ny tena fiadanana marina sy ny fihavanana marina dia ny fihavanana sady kristianina no Malagasy izay tena mampangetaheta an'ity firenenay ity sy izao tontolo izao. Izany rehetra no katsahinay sy ho halalininay amin'izao Sinaody ka eng a nie ny Fanahinao Masina hanilo

anay ka zary Senakla ho anay tokoa izao Sinaody izao ho EGLIZY MIARA-DALANA IZAHAY HIOMBONA, KA EGLIZY OLO MANDRAY AN-TANANA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Enga anie ianao hanjaka ao am-ponay tsirairay avy sy ny eo anivon'ny tokantranonay tsirairary avy, eo amin'ny fianakaviana ka ho Eglizy kelinao izahay. Hanjaka tokoa ianao ka ho tonga toerana fanompoana ny fianakavianay ka hanjaka ao tokoa ny tena fiadanana marina. Masina Maria Reny ianao no Tabernakla velona voalohany ka ampio izahay vita batemy hahafantatra an'I Jesoa. Ento ho any amin'I Jesoa izahay ka Izy no hanjaka amin'ny fiainanay. Md Josefa ianao no Ray Mpiaron'ny Eglizy, mila ho rendrika izahay , maro ny zavatra mahakivy. Matoky izahay fa hotantaninao ho any amin'I Jesoa ka Izy anie hanjaka amin'ny fiainanay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson